



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitaviana - Tenindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-71

**FANDRAVONANA NY TATITRY NY ASA VITAN'NY GOVERNEMANTA,
NATAON'ANDRIAMATO A NTSAY CHRISTIAN, PRAIMINISITRA LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA**

Fivoriana faha-17
Natao ny
Alatsinainy 15 Jona 2020
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sadera
- Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques

FOTOANA: Alatsinainy 15 Jona 2020 tamin'ny 4 ora sy 35 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandravonana ny tatitry ny asa vitan'ny Governemanta, nataon'Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta.

Nitohy ny Alatsinainy 15 Jona 2020 tamin'ny 4 ora sy 35 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena. Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohany no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba an'Andriamatoa Praiminisitra sy ny Solombavambahoaka ary ireo Minisitra niara-dia taminy, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana. Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sadera no nanatanteraka izany.

Taorian'izay, niangavy azy indray, Ramatoa Filoha, hamaky ny andininy faha-101 ao amin'ny Lalàmpanorenana mamaritra ny fanaovana tatitra eto amin'ny Antenimierampirenena momba ny fanatanterahan'ny Governemanta ny fandaharanasany, ka toy izao no fivakin'izany:

Andininy 101: Isaky ny fiandohan'ny fivoriana ara-potoana voalohany no anoloran'ny Governemanta amin'ny Antenimierampirenena ny tatitra momba ny fanatanterahana ny fandaharanasany.

Arahina adihevitra mahakasika ny asan'ny Governemanta sy ny fanombanana ny politikampanjakana ny fanolorana.

Rehefa izany, nanamarika Ramatoa Filoha, fa ho fanajana io andinin-dalàna io no antony anaovan'ny Praiminisitra tatitra momba ny fandravonana ny asa vitan'ny Governemanta androany.

Nomarihany fa hanao izany aloha, Andriamatoa Praiminisitra ka aorian'izay dia omena fitenenana 7 minitra ny solotenan'ny Vondrona Parlemantera izay vonona amin'izany ary mamaly ny Lehiben'ny Governemanta amin'ny farany.

Taorian'izay, nomeny fitenenana avy hatrany, Andriamatoa Praiminisitra, hitondra ny fandravonana ny asa nataon'ny Governemanta; ka toy izao izany.

Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta
 Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena,
 Ramatoa sy Andriamatoa isany Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra,
 Ramatoa sy Andriamatoa isany Minisitra, mpikambana ao amin'ny Governemanta,
 Ramatoa sy Andriamatoa isany Solombavambahakan'i Madagasikara,
 Isika rehetra manatrika etoana,
 Tompokolahy sy Tompokovavy.

Raisiko ankafaliana hatrany ny fandraisana fitenenana eto anatrehanareo araka ny fotoana nifanomezana, ka hanolorako ny tatitra mikasika ny firosoan'ny fandaharan'asa ho fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana.

Eto ampanombohana dia tsy haiko ny tsy haneho fialan-tsiny aminareo tsy ankanavaka noho ny fihemorana tamin'ny fotoana nifanomezana. Araka ny efa fantatrareo dia ny fanomanana ny volavolan-dalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana, taona 2020 no anton'izany.

Noho ny fahasoavan'Andriamanitra dia tafahaona soa aman-tsara tokoa isika anio na dia eo aza ny mbola iainantsika ny valan'aretina "Covid-19" any amin'ny Distrika maromaro eo amintsika. Ny Governemanta manontolo sy ny tenako dia miara-ory amin'ireo Malagasy namoy ny ainy noho ny valan'aretina ary mirary fahasitranana haingana sy feno ary lavitry ny tebitebin-tsaina ho an'ireo izay mbola tsaboina.

Manantitra ny fiarahabana sy ny fisaorana ny vahoaka tsy vakivolo hatrany ny tenako, amin'ny anaran'ny Filohan'ny Repoblika, Andriamatoa Andry RAJOELINA, amin'ny fitoniana, ny fahendrena sy ny fitiavan-tanindrazana asehontsika manoloana ny olana aterak'izao fahamehana ara-pahasalamana izao, izay nanomboka tamin'ny 21 Martsa 2020. Mariky ny fitandroana sy fandalana ny firaisam-pirenena izany; mariky ny fahamatorana misy eo amin'ny vahoaka Malagasy izany; mariky ny fandraisana andraikitra ihany koa eo amin'ny tsirairay. Koa iriko ny hitohizan'izany, indrindra amin'izao ankatoky ny fankalazana ny faha-60 taona niverenan'ny fahaleovantena izao ary amin'ny fiatrehana ny ho avy ihany koa.

Mankahery hatrany ny fianakaviamben'ny mpiasan'ny fahasalamana sy ny mpitandrofilaminana ny tenako amin'ireo ezaka manokana asehony amin'izao fotoam-pahamehana ara-pahasalamana izao.

Farany, kanefa tsy ny kely indrindra dia tsy haiko ny tsy hisaoitra eto anoloanareo an'Andriamatoa Andry RAJOELINA, Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara, amin'ny fijoroany sy ny fitarihany ny vahoaka Malagasy amin'ny ady amin'ity valan'aretina "Coronavirus" ity ary ny fanohizana ny ezaka hanenjehana ny fahataran'ny fandrosoan'ity Madagasikara mamintsika ity.

Ramatoa Filoha,
 Tompokolahy sy Tompokovavy,

Ny andininy faha-101 ao amin'ny Lalàmpanorenana dia milaza fa anjaran'ny Governemanta no manao tatitra ny asa vitany eto anatrehanareo Solombavambahoaka isaky ny fiandohan'ny fivoriana ara-potoana voalohany. Izany dia anoloran'ny Governemanta eto amin'ny Antenimierampirenena ny tatitra momba ny fanatanterahana ny fandaharan'asany.

Efa tonga teto tokoa izahay Governemanta manontolo ny Alakamisy faha-28 Mey 2020 ary nandalo tsirairay teto ihany koa ny mpikambana tao amin'ny Governemanta araka ny nandaharanareo azy.

Araka ny fandaminana napetratsika dia handravona ny ezaka rehetra vita ny tenako ary hanazava ihany koa amin'ny ankapobeny ny fandaharan'asa amin'ity taona 2020 ity, izay ahitana taratra mazava ny fanatanterahana ny vinan'ny Filohan'ny Repoblika ary ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana natolotra teto anoloanareo tamin'ny faha-16 Aogositra 2019.

Izao tatitra izao dia notsinjaraina ho efitra lehibe dia:

- ny lafiny fitantanana,
- ny lafiny filaminana sy fandriampahalemana,
- ny lafiny toekarena sy ny fotodrafitrasam-pamokarana,
- ny lafiny sosialy.

1. Ny lafiny fitantanana

Ny ady amin'ny kolikoly dia natao laharam-pahamehana hatrany. Niezaka ny Governemanta nampiseho, fa tsy tokony hekena intsony ny tsy maty manota. Hita taratra izany tamin'ny fandraisana andraikitra hentitra manoloana ireo mpitandrofilaminana izay tratra nanao asa ratsy sy asan-jiolahy.

Ny fandrindrana ny asam-panjakana rehetra dia natao tao anatin'ny mangarahara tamin'ny alalan'ny fametrahana sy fanaraha-maso ny fampiasana ny fototra tsy miova na "standard de service" eny anivon'ny sampandraharahan'ny asam-panjakana rehetra, ka nampiharina tokoa ny lalàna mikasika ireo olona izay nahiana ho nanao kolikoly ary hita fa efa nihena izany eny amin'ireny sampandraharahan-panjakana ireny na dia mbola betsaka aza ny ezaka tokony hatao.

Ny fangaraharana dia napetraka ihany koa eo amin'ny tsenam-baro-panjakana, ka mbola hamafisina ny fanaraha-maso ny fitantanana ny tsenam-baro-panjakana manerana ny nosy amin'ny alalan'ny fametrahana sy fampiharana ny "mercuriale des prix" ary indrindra ny fitsirihana ny kalitao sy ny asa vita rehetra.

Momba ny paikady amin'ny "E-gouvernance" hanatsarana ny fampandehanana ny asa rehetra dia efa ampiasaina amin'izao fotoana izao ny rindrambaiko "AUGURE" itantanana ny mpiasam-panjakana.

Nohatsaraina ny fitantanana sy ny fanaraha-maso ny karapanondrom-pirenena misy eto amintsika.

Torak'izany ny fampiasana ny teknolojia vaovao amin'ny fanovàna ny fahazoan-dalana mitondra fiara ho "biométrique" sy ny taratasy momba ny fiara voaro tanteraka na "carte grise sécurisée", izay efa natomboka teto an-drenivohitra sy any amin'ny renivohi-paritany 5 eto Madagasikara.

Mba hiadiana amin'ny kolikoly amin'ireo tantsaha sy mpiompy any ambanivohitra dia efa narafitra ny volavolan-didim-pitondrana momba ny fampitoviana ny vidin'ny FIB sy ny bokin'omby izay vinavinaina hivoaka tsy ho ela.

Manamafy ny fahavononana hanatsara ny fitantanana ihany koa ny nanaovana fifaninanana ho "Inspecteur d'Etat" tamin'ny taona 2019 lasa iny.

Miisa 17 no voaray tamin'izany ary efa mandray asa izy ireo ankehitriny. Ny tanjona dia ny ahafahana mampitombo ny fanadihadiana sy ny fitsirihana ny fampiasam-bolam-panjakana eny anivon'ireny sampandraharaha maro samihafa ireny.

Eo amin'ny fitsinjaram-pahefana sy ny fampandraisana andraikitra sy vondrom-bahoakam-paritra dia natomboka tamin'ny volana Jolay 2019 ny fanomanana lalàna tena mirakitra ireo fenitra momba izany.

Natomboka ny fanendrena ireo Governora any amin'ny Faritra 13 eto amintsika. Tsy ho ela intsony ny fanendrena ny ambiny. Novatsiana vola mitentina 1 Miliara Ariary ny Faritra tamin'ny taona 2019 nahafahana nanomboka fotodrafitrasa maro, toy ny lalana, ny tetezana, ny tsena. Tahak'izany koa ny biraom-panjakana tany amin'ny Faritra efa nisy Governora. Ny vola ho an'ny Faritra izay mbola tsy nisy Governora kosa, efa nalefa manontolo any amin'ireny Faritra ireny izay eo ampiandrasana ny fanendrena azy ireo. Mitovy lanja ny vola natokana ho an'ny Faritra rehetra.

Amin'ity taona 2020 ity, ankoatra ny vola mitentina 2 Miliara Ariary isaky ny Faritra hatolotry ny fitondram-panjakana ho fanatanterahana fotodrafitrasa mifandraika amin'ireo filàna eny ifotony, toy ny lalana dia ho vatsiana fitaovana enti-manamboatra izany koa ny tsirairay.

Anisan'ny fiovàna goavana hatomboka amin'ity taona ity ny famindrana ny fitantanana ny tsenam-baro-panjakana any amin'ny Faritra, toy ny fananganana sekoly sy tsena ary biraom-panjakana isankarazany. Koa any amin'ny Faritra no hatao ireo fitaonana ny tolo-bidy anatin'ny isankarazany (Appel d'Offres) mba ho tena tomponandraikitra amin'ny fampandrosoana any amin'ny Faritra. Izany dia mba ahafahan'ireny orinasa madinika sy salantsalany tsy miankina any amin'ny Faritra ireny mba handray anjara amin'ny tolo-bidim-panjakana.

Mbola mitohy amin'ity taona ity ny fivorian-dehibe isam-paritra momba ny Tetibolam-panjakana ahafahana manome lanja ireo tena laharam-pahamehana sy ny filany amin'ny fampandrosoana, mba hahazoana mamaritra mazava ny tetibolan'ny Faritra.

Efa fantatsika, fa vita tamin'iny taona 2019 ihany koa ny fifidianana Solombavambahoaka sy ireo Ben'ny Tanàna ary ny Mpanolotsain'ny Tanàna. Misy Kaominina vitsivitsy izay tokony hamerenanana fifidianana saingy nifanindry tamin'izao fotoanan'ny hamehana ara-pahasalamana izao, ka tsy maintsy ataontsika amin'ny fotoana mahamety azy izany.

Tohizana ny famatsiam-bola eo amin'ny CLD ary hitondrana fanatsarana ny rijan-teny mifehy manokana ny CLD mba hampahomby azy bebe kokoa.

Eo amin'ny fampitaovana ny Kaominina dia fiara vaventy mpandraoka fako miisa roapolo amby zato no novidina tamin'ity taona 2020 ity ary efa maro ny tanàn-dehibe manerana ny nosy efa misitraka an'izany ankehitriny. Manampy amin'ny fanadiovana tanàna izy ireny ary mankasitraka izany ny vahoaka.

Amin'ity taona ity dia ezaka maro no entina hanampiana ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana manerana ny nosy. Izany dia mikasika ireto zavatra manaraka ireto:

- Fametrahana ny Komity Loharano manerana ny Nosy,
- Fitohizan'ny fananganana biraon'ny Kaominina andrenivohitra miisa roapolo.
- Fitohizan'ny fananganana biraon'ny Kaominina ambanivohitra miisa telopolo
- Fananganana biraom-paritra ho an'ny BNGRC any Mahajanga sy Toamasina.
- Fananganana biraon'ny Distrika miisa sivy.

- Fanarenana ny toeram-ponenan'ny Lehiben'ny Distrika 14 any Maintirano, Antsalova, Fenoarivobe, Manja, Amboasary, Tsihombe, Ambovombe, Beloha, Manjakandriana, Nosy-Be, Ambositra, Vohibato, Manandriana, Isandra.
- Fanarenana ny biraom-piasan'ny "Préfecture" miisa roa amby ny folo any Sainte Marie, Nosy Be, Ambatondrazaka, Antsirabe I, Tsiroanomandidy, Toliara, Antsiranana I, Manakara, Fianarantsoa I, Mananjary, Morondava, Ambositra.
- Fanamboaran-dalana any amin'ny Faritra 22 ka folo kilometatra ny farafahakeliny isam-paritra.
- Fanamboarana tsena manara-penitra amin'ny Faritra 12.
- Fananganana efitra fianarana 6 any amin'ny Faritra 10.
- Fanomezana fitaovana ho an'ny asa vaventy 5 ho any Faritra rehetra.

2. **Ny lafiny Filaminana sy Fandriampahalemana**

Anisan'ny nitaky ezaka lehibe tamintsika ny fanatsarana faran'izay haingana ny filaminana sy ny fandriampahalemana teto amin'ny firenena. Novolavolaina araka izany ny tetika hamerenana ny fahefam-panjakana sy ny fifampitokisana eo amin'ny vahoaka sy ny mpitandrofilaminana. Nentina ny fandaminana mifanaraka amin'izany ka nasiana fiovan-drafitra teo amin'ny Tafika Malagasy, ny Zandarimariam-pirenena ary ny Polisim-pirenena. Nohatsaraina ihany koa ny fitaovana ary nanorenana toby araka izay nilana azy isan-tsokajiny avy izy ireo.

Novatsiana fiaramanidina fitaterana "CASA" iray, fiaramanidina kely "CESSNA" dimy, angidimby efatra, fiara tsy mataho-dalana 140 ary "motos" amam-polony maro izy ireo ny taona 2019.

Natsangana teo anivon'ny Tafika Malagasy ny:

- Faritra Ambanivohitra mitaky fandriampahalemana maika (Zone Rurales Prioritaires de Sécurité na ZRPS efatra.
- Beholafy Mpiaro Atomotra na «Bataillon Opérationnel Avancé» (BOA) dimy, ka nanorenantsika toby ao Tsaratanana, Iakora, Morafenobe, Ambatofinandrahana ary Ankilizato. Manodidina ny 15% hatramin'ny 90% ny fahavitan'ny asa amin'izany.
- Andiany mpiaro manokana na «Détachement Spécial de Sécurité» (DDS) miisa efatra ao Vondrozo, Amboasary-Atsimo, Befotaka ary Ambohimahasoa.
- Fanamboarana «Base réduite» tao Mananjary sy Farafangana.
- Fanatsarana sy fanarenana fotodrafitrasa maro eo anivon'ny Tafika Malagasy manerana ny nosy.
- Fari-dranomasina roa no napetraka ho arovana avy hatrany na «Zone Maritime Prioritaire d'Intervention» (ZMPI) dia any Avaratra sy Atsimo-Andrefana hiadiana amin'ny fanondranana antsokosoko ny harem-pirenena.

Eo anivon'ny Zandarimariam-pirenena dia:

- Natsangana ny toby miisa enina ho an'ny «Centre Spécial d'Aguerrissement Opérationnel na CSAO ao Malaimbandy, Beroroha, Beravina, Ranotsara-Sud, Andriamena ary Imanombo.
- Efa tafapetraka ihany koa ny Tobim-paritra manara-maso ny ranomasina (Poste de Surveillance Nautique) roa, ao Tanjona (Mananara Avaratra) sy Manantenina (Taolagnaro).
- Efa vita ihany koa ireo «Brigade Routière Spéciale» eny anivon'ny Faritra. Fialan-tsasatra voaro (Aire de repos sécurisée) telo, ao Sahamamy RN2, Ambalamanakana RN7 ary Analakininina RN34.

Ho an'ny Polisim-pirenena dia toy izao ny ezaka natao:

- Sampandraharaham-paritry ny filaminam-bahoaka sy trano fonenana ho an'ny tomponandraikiry ny sampam-paritra folo no natomboka ao Ihosy, Maevatanana, Tsiroanomandidy, Antsirabe, Taolagnaro, Manakara, Ambositra, Antsohihy, Farafangana ary Fenoarivo Atsinanana. Efa vita 100% ny enina ary mamarana ny asa ny efitra.
- Vita koa ny Kaomisarian'ny Polisy vaovao roa, ao Ambohimahasoa sy Vondrozo.

Eo amin'ny lafiny filaminana sy fandriampahalemana dia singanina manokana ihany koa ireto vokatra ireto:

- Tratra ireo jiolahy anisan'ny nokarohana nandritry ny fotoana lava ary nalaza tamin'ny fakana an-keriny na "kidnapping".
- Efa tsy maheno firy intsony koa isika amin'ny fandrohana mitam-piadiana sy fanafihana "taxi-brousse" amin'ny Faritra maro manerana ny nosy.
- Natao ny fandravana ny fambolena rongony tao Andriy.
- Fanampiana tamin'ny famonjena ireo traboina nateraky ny tondradrano.
- Ireo faritra mena izay tsy voavaky ny mpitandrofilaminana hatramin'izay dia ahitana taratra amin'izao fotoana izao ny fipetrahan'ny fahefam-panjakana, toy ny tany Mahazoarivo-Isandra, Ankazoabo, Iakora, Vondrozo, Tsaratanana, Ambato Boeny, Ambalakin-dresy, Ambatofinandrahana, Andriy, sns...
- Nihena 24% ny halatr'omby, nihena 49% ny omby very; basy tsy ara-dalàna miisa 811 no azo tamin'ny toerana maro tany ambanivohitra ary maherivaika ny 31 tamin'izany.
- Aty andrenivohitra dia basy miisa 110 no azo ary bala miisa 495 no niaraka taminy.
- Taolam-paty milanja 228 kg no sarona nandritra ny taona 2019.
- Harena an-kibon'ny tany an-jatony kilao maro tamin'ireo vatosoa nokasaina haondrana antsokosoko no tratra, indrindra fa teny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato sy Nosy-Be.
- Teratany vahiny miisa 240 no naverina nody any aminy teny am-pahatongavana ary miisa 55 no noroahina. Miisa 245 ireo tsy manana taratasy ara-dalàna ipetrahana eto ka naverina any aminy.

Ireo tarehimarika ireo dia entina anehoana, fa mamerina ny fanajana ny lalàna ary ny fifampitokisana isika mba hampandriana fahalemana ny tany mba ahafahan'ny mpiray tanindrazana miaina sy mihary lavitry ny tebiteby.

Raha ity taona 2020 ity no banjinina dia tohizantsika ny ezaka hanamafisana ny filaminana sy ny fandriampahalemana manerana ny nosy. Atao ho laharam-pahamehana ny fanatsarana ny paikady entina manatevina ny ady amin'ny asa ratsin'ny jiolahy, ny dahalo, ny tambazotran'ny mpaka ankeriny, ny mpandroba ny harem-pirenena.

Hohatsaraina hatrany ny fomba fiaraha-miasa eo amin'ny mpitandrofilaminana telo tonta: Tafika Malagasy, Zandarimariam-pirenena ary ny Polisim-pirenena.

Tohizana ny fampitaovana ny mpitandrofilaminana eo amin'ny lafiny maro, ka santionan'ny ezaka hatao ireto tanisaina manaraka ireto:

Eo amin'ny Tafika Malagasy, hifototra amin'ireto laharam-pahamehana ireto ny ezaka hatao:

- Hatomboka ny fanamboarana ny BOA amin'ireto toerana dimy ireto dia Isandra, Andriy, Ankazoabo Atsimo, Kandreho, Miandrivazo.
- Hajoro ny DSS amin'ireto Distrika enina ireto: Anjozorobe, Mandritsara, Soalala, Vangaindrano, Mitsinjo, Vohipeno.
- Hisy ihany koa fampitaovana maro isankarazany ho an'ny Tafika Malagasy.

Eo anivon'ny Zandarimariam-pirenena dia toy izao ny ezaka hotanterahana amin'ity taona 2020 ity:

- Fananganana CSAO roa dia any Andriamena (Tsaratanana) ary Andimaka-Manambolo (Belo sur Tsiribihina).
- Fametrahana "Compagnies" roa dia ny ao Ikalamavony sy Amboasary atsimo.
- "Brigades" fito no hapetraka any Mahazoarivo (Isandra), Marolinta (Beloha), Androka (Ampanihy), Tranomaro (Amboasary), Maroalimainty (Ambovombe), Ikopoky (Beloha), Talata-Vohimena (Manandriana).
- Hatsangana toy izany koa ny BRS eny Kiangara.
- "Motos" miisa 500 no haporitaka manerana ny Nosy ary fiara tsy mataho-dalana valo no halefa eny amin'ireo CSAO.
- Hovatsiana fitaovana ihany koa ny mpiandry sisin-tany any Mananara Avaratra sy Taolagnaro.

Raha eo anivon'ny Polism-pirenena dia toy izao koa ny ezaka manokana hotanterahina amin'ity taona 2020 ity:

- Hatsangana ny toeram-mpiasana iombonan'ny Polism-pirenena DSRP amin'ny Faritra 12 mbola tsy manana dia ao Ambovombe, Sambava, Morondava, Ambatondrazaka, Maintirano, Mirinarivo, Antananarivo, Fianarantsoa, Toliara, Mahajanga ary Antsiranana.
- Hovatsiana fitaovam-piasana ireo DSRP 10 efa natsangana tamin'ny taona 2019.
- Kaomisarian'ny Polisy 26 no natsangana amin'ireto renivohitry ny Distrika ireto: Iakora, Vohibato, Fenoarivobe, Anivorano-Avaratra, Brickaville, Beroroha, Anjozorobe, Ifanadiana, Sainte-Marie, Ambohidratrimo, Midongy-Atsimo, Lalangina, Manja, Bekily, Betroka, Andranomanelatra, Ambato-boeny, Tsihombe, Nosy Varika, Betafo, Betioky, Befandriana-Avaratra, Anosibe An'ala, Befotaka-Atsimo, Antanambao Manapotsy, Mitsinjo.
- Fiara tsy mataho-dalana miisa 25 ho an'ny Kaomisarian'ny Distrika; fiara vonjy taitra 28 ho an'ny FIP amin'ny renivohim-paritany (Antananarivo, Toamasina, Antsiranana, Mahajanga, Fianarantsoa, Toliara) ary "motos" miisa 300 no hozaraina manerana ny nosy.

Marihana fa ireo fanorenana sy fampitaovana voatanisa rehetra aminareo ireo, izay hotontosaina amin'ity taona 2020 ity dia efa voarafitra ao anatin'ny volavolan-dalana mikasika ny Tetibolam-panjakana nasiam-panitsiana izay ho tonga rahateo ety aminareo.

Mikasika ny tontolon'ny Fitsarana dia vaindohan-draharahan'ny Governemanta ny fanamafisana fototra ny tany tan-dalana izay tsy maintsy mandalo amin'ny famerenana amin'ny hasin'ny Fitsarana sy ny tontolony. Izany no atao dia mba ho fiarovana ny vahoaka sy ny fananany.

Ny tanjona hotratrarina dia ny fametrahana ny Fitsarana manakaiky vahoaka sy mba ho fanajana ny zo fototr'ireo voafonja. Raha tsiahivina dia miisa 27 000 amin'izao fotoana izao ny isan'ireo voafonja. Ny fahafaha-mandray ananantsika dia 11 000 fotsiny.

Manarina izany rehetra izany isika, koa tamin'ny taona 2019 dia:

- Natomboka ny fananganana fonja vaovao tamin'ireto toerana sy Distrika ireto: Imerintsiosika (fonja lehibe ho vita amin'ity taona ity), Sambava ary Fianarantsoa.
- Nisy ihany koa ny fanavaozana fonja tao Moramanga, Ampanihy ary Manjakandriana.
- Nohatsaraina sy navaozina ihany koa ny fidirana eo amin'ny Tribonaly Anosy-Antananarivo mba hiadiana amin'ireo mpisoloky sy mpijirika maro nisy tamin'izany toerana izany.
- Natomboka ny fanorenana Tribonaly Ambaratonga Voalohany tao Antananarivo-Avaradrano.

Amin'ity taona 2020 ity dia:

- Dimy ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany izay hatsangana eto amintsika dia ao Besalampy, Sainte-Marie, Ambilobe, Sambava, Belo sur Tsiribihina.
- Fonja lehibe (Maison de Force) roa no haorina natokana ho an'ireo mpanao asa anterivozona sy ireo dahalo raindahiny dia any Tetezambato-Toamasina sy Ikelivondraka-Ihosy.
- Enina ny fonja (Maisons Centrales) hatsangana any amin'ny Distrika samihafa: any Sainte-Marie, Belo sur Tsiribihina, Amboasary-Atsimo, Antananarivo-Avaradrano, Fenoarivo-Atsinanana, Ambositra.
- Vatsiana fiara manokana hitaterana voafonja sy fiara vonjy taitra "Véhicule Cellulaire", "Véhicule d'Intervention Rapide" ny fandraharahana ny fonja.

3. **ny lafiny Toekarena sy ny fotodrafitrasam-pamokarana**

Eo amin'ny tontolon'ny Toekarena sy ny fitantanam-bola dia miatrika ny fiantraikan'ny valan'aretina "Coronavirus" ny maneran-tany ary ao anatin'izany isika eto Madagasikara. Fantatra fa hihena dia hihena ny fidiram-bolam-panjakana noho ny tsy fihodinan'ny toekarena. Nampihena ny hetra, ny haba ary ny vola miditra avy amin'ny fadintseranana izany. Hitombo noho izany ny tambatry ny fahabangana ankapobeny eo amin'ny tetibolam-panjakana, ka hahatratra hatramin'ny 6,3% ny harinkarem-pirenena amin'ity taona 2020 ity izany.

Raha ny harinkarena faobe no resahana, hitotongana hatramin'ny 0,8% izy amin'ity taona ity kanefa novinavinaina ho 5,5% tamin'ny tetibola voalohany 2020 (LFI 2020). Hofehezina anefa ny fiakaran'ny vidim-piainana mandritra ity taona ity mba tsy hihoatra ny 7%. Noho izany rehetra izany, ny Governemanta dia tsy maintsy manitsy ny zotram-pandaniana eo amin'ny tetibolam-panjakana, ka afantoka tanteraka amin'ny sosialim-bahoaka sy ny fanarenana ny toekarena ny laharam-pahamehana.

Eo ankilany, ny fitondram-panjakana dia hametraka drafi-pirenena goavana izay hifantoka amin'ny famporisihana ny fampiasam-bola eto amintsika.

Eo andaniny kosa, ny drafitra marolafy ho amin'ny fanarenana dia hijerena manokana ny sehatry ny fampivoarana ny fotodrafitrasa ary ny fampihetsena an'ireo mpiaramiombon'antoka mba hametraka sy hanamora lalam-bola manokana ho an'ireo orinasa bitika, madinika ary salantsalany izay iarahana amin'ny rantsa-mangaikan'ny fanjakana, toy ny Banky Foiben'i Madagasikara, ny Programan'asa Fihariana.

Hojerena ihany koa ny famporisihana ny mpanjifa hisitraka ny vita Malagasy ary hampiana ny sehatra tsy miankina eo amin'ny lafiny fampahafantarana ny vokany eo amin'ny tsena iraisam-pirenena.

Farany, eo amin'ny fitantanana ny raharham-panjakana eny anivon'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia:

- Hatsangana ny "Hotel des Finances" 5 any Mahajanga, Antsiranana, Fianarantsoa, Toliara ary Taolagnaro. Marihana fa ny an'i Sambava dia efa andalam-pahavitana ankehitriny.
- Hatomboka ny fanamboarana ny "Perception Principale" ao Betroka.
- Harenina ny "Trésor Principal" ao Mananjary sy Ifanadiana.
- Hamboarina ny "Circonscriptions Financières" 5 dia ao Anosibe an'Ala, Marolambo, Befotaka, Ambatomainty, Antsalova.

Eo amin'ny sehatry ny Harena Ankibon'ny tany, ireto asa ireto no hapetraka ho laharam-pahamehana amin'ity taona ity ka:

- BAM (Bureau d'Administration Minière) 5 no hatsangana any Miandrivazo, Antsohihy, Vohémar, Mananjary ary Tsiroanomandidy, mba hahafahantsika mifehy ny sehatry ny harena ankibon'ny tany.
- Hapetraka ny fitaovam-pitiliana volamena sy vù arifomba eny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato, Nosy-Be ary Toamasina.
- Hatao ny fanorenana trano iombonana (Atelier Communautaire) ho fanatanterahana asa momba ny vatosoa ao Antsirabe.
- Hotohizana ny dinika eo amin'ny zotram-pandrafetana ny fehezan-dalàna momba ny harena ankibon'ny tany izay vinavinaina hovitaina tsy ho ela intsony, mba ahafahana mitsinjo amin'izay ny tombotsoan'ny vahoaka, ny mpisehatra eny amin'ny fanjakana.

Eo amin'ny sehatry ny Fitaterana sy ny Fizahantany, efa maro ny asa natomboka toy ny:

- Fitaterana an-dalamby, ny asa fanamboarana ny tetezana ao Sahasinaka amin'ny zotra FCE.
 - Lohamasinina 3 no efa tonga eto amintsika amin'izao fotoana izao, hampiasaina tsy ho ela intsony any amin'ny FCE.
 - Amin'ny fitaterana an-tanety, eo ampamaranana ny "Aire de Sécurité de Service et de Repos" na ASSR ao Ambalamanakana RN7 ary ao Ranomafana Atsinanana RN2, izay hotokanana amin'ity taona ity avokoa.
 - Eo ampamitana ihany koa ny tobim-piantsonana fiara ao Vangaindrano isika.
 - Seranam-piaramanidina 7 no afaka mandray sidina indray dia ao Manakara, Analalava, Antalaha, Antsirabe, Maintirano, Mananara Avaratra, Vohémar.
 - Afaka mandray sidina amin'ny zotra nasionaly ihany koa ny seranam-piaramanidina ao Ambatondrazaka, Fianarantsoa ary Mananjary.
 - Efa vita tamin'ny volana Janoary 2020 ny fametrahana ny marika famantarana (balisage) ao amin'ny seranam-piaramanidin'i Taolagnaro. Mbola andalana ny fifampidinihana sy ny fifanarahana amin'ny fitantanana (Concession ou Contrat de Gestion) momba ireo seranam-piaramanidina hafa, toy ny any Antsiranana, Mahajanga, Toamasina, Toliara, Morondava ary Taolagnaro.
 - Eo ampanamboarana ny seranam-piaramanidina any Toliara sy Taolagnaro isika, mikasika ny famaritana ny faritry ny seranam-piaramanidina (limitation domaine aéroportuaire).
 - Ankoatra izay, eo ampamaranana ny asa fanajariana ny "Canal des Pangalanes" avy any Toamasina ka hatrany Mananjary isika, mba hitondrana fanampiana amin'ny fampivelarana ny seha-pihariana amin'iny faritra iny manomboka amin'ity taona 2020 ity.
- Santionany ihany ireo voatanisa ireo, fa maro ny fotodrafitrasa sy paikady ho entina hampandrosoana ny fizahantany eto amintsika, ho entina hanatsarana ny fanamby lehibe hahatongavan'ny mpizahatany miisa 500 000 amin'ny taona 2023.

Amin'ity taona 2020 ity dia hanao ezaka goavana ny Governemanta amin'ny lafiny maro toy ny:

- Famerenana amin'ny laoniny ny zotran-dalamby eto amintsika, ka hisy ny fanarenana toby fiantsonana an-dalamby 6 any amin'ny FCE dia ny "Gares Ferroviaires" any Manakara, Fenomby Manapatrana, Tolongoina, Mahabako ary Fianarantsoa.
- Anisan'ny laharam-pahamehana ny fanamboarana ny seranam-piaramanidina any Bekopaka sy Ranohira mba hisintona bebe kokoa ny mpizahatany.
- Hosokafana amin'ny sidina iraisam-pirenena ny seranam-piaramanidina Andrakaka any Antsiranana.

- Hamboarina ny “Aires de Repos Sécurisées” eo anelanelan’i Morondava sy Belo sur Tsiribihina ary eo anelanelan’ny Belo sy Bekopaka; ao Miandrivazo, Ambalamanakana ary Ranomafana Atsinanana ihany koa.
- Hotohizana ny fanamboarana ny seranan-tsambo ao Soanierana-Ivongo.
- Hamboarina ny toeram-piantsonan’ny fiara mpitatitra 13, dia ny ao Fianarantsoa, Manakara, Ambondromamy, Maintirano, Taolagnaro, Toliara, Toamasina, Vangaindrano, Sambava, Ambanja, Morondava, Antsirabe ary Ambositra.
- Hiompana bebe kokoa amin’ny fampiroboroboana ny fizahantany anatin’ny paikady hapetraka.
- Eo amin’ny lafiny fizahantany manokana, hampiana ny mpisehatra mba hanamora ny asa fampahafantarana indray ny vokatra Malagasy any ivelany, ka hiverenan’ireo mpizahatany eto amintsika rehefa vory ny fepetra rehetra momba izany.

Eo amin’ny fampivelarana ny sehatry ny Industria sy ny Varotra.

Natao ny ezaka mba ho fiarovana ny mpanjifa, indrindra noho ny fisian’ny valan’aretina dia atao tsy miato ny fanaraha-maso akaiky tontosain’ireo tomponandraikitra ao amin’ny Minisitery miadidy ny varotra manerana ny nosy amin’ireo vidin’entana eny an-tseny sy ny fisian’ny vary eny amin’ny mpamongady. Nandraisana fepetra hentitra ireo toerana misy vidim-bary niakatra tsy ara-dalàna.

Natomboka ny taona 2019 ny fanisana ny mpanao asa-tànana mba hampidirana azy ireo amin’ny sehatry ny toekarena manara-drafitra. Karatra nomerika miisa 150 000 no tanjona isan-taona.

Efa miroso ny fananganana ny “Zone d’Emergence Industrielle” na ZEI any Moramanga sy ny “Zone d’Investissement Industriel” na ZII any Itasy.

Ny fitondram-panjakana dia mikajy hatrany ny hahatsara ny kalitaon’ny lavanila, izay hita fa tsy mitsahatra mitombo ny hatsarany satria raha 0,7 teo aloha dia 1,8 ny tahan’ny “vanilline” amin’izao. Hatomboka amin’ity taona 2020 ity ny fananganana ny ivon-toerana lehibe any Antalaha “World of Vanilla”, hihaonan’ireo mpandraharaha sy hampivoarana ny fandraharahana amin’ny sehatry ny lavanila.

Hatomboka ihany koa ny fananganana ny “Village Artisanal” lehibe eny Ivato amin’ny velarantany mirefy 2,5 ha.

Hatomboka amin’ity taona 2020 ity koa ny fanatanterahana ny tetikasa “One District, One Factory”. Izany hoe, hatsangana eny anivon’ny Distrika tsirairay ny orinasa mpanodina vokatra mifanaraka amin’ny vokatra eny an-toerana.

Mikasika ny sehatry ny tontolo Ambanivohitra, ny fambolena, ny fiompiana sy ny jono dia betsaka ny ezaka natao nandritry ny taona 2019 ka toy izao ny santionan’ny asa vita:

- Raha ny fambolena manokana dia velaran-tany voatondraka 36 350 ha no narenina, ary niampy velaran-tany 10 480 ha vaovao izany tamin’iny taona 2019 iny. Ireto avy ny Distrika nanaovana izany isam-paritra:

Alaotra Mangoro dia Ambatondrazaka-PC 15, Amparafaravola-Sahamaloto sy PC 23, Moramanga-Ampasimpotsy sy Mandialaza;

Amoron’i Mania dia Ambatofinandrahana sy Amborompotsy ao Saharovola, Lambamena, Ankosy sy Ambalamontana ary ao Manandriana Ambovombe Centre Lemak’i Agnara;

Analamanga dia Andramasina Tankafatra;

Analanjirofo dia Fenoarivo Atsinanana, Manakambahiny Ambodimanga II sy Maroaomby Vohilengo;

Androy dia ao Bekily Beraketa tohodrano faha-2 ao Menakompy sy ao Ambovombe Imanombo Finday;

Anosy dia Amboasary Atsimo, Tsivory, Tsimanangy ary Maniry; Betroka lanambinda Sakoa ary ao Amboasary;

Atsimo Andrefana dia Morombe, mitohy ny asa fikarakarana ny fotodrafitrasa ao Tanandava "Station" sy Ankatsakantsa Sud;

Atsinanana dia Toamasina II Antetezambaro Antohodrano;

Boeny dia fanarenana ny "tunnel" fiampitana ao Antanananivony Marovoay sy tohodrano ao Bealoy Belobaka Mahajanga II;

Bongolova dia faritra fambolena ao Bezahatra sy Andoharano ao Fenoarivobe;

Diana dia asa maika ao amin'ny lemak'i Mahavavy Ambilobe;

Ihorombe dia natomboka ny asa ao lakora ao amin'ny Faritra Anarabe sy Begogo.

Matsiatra Ambony dia Ikalamavony-Faritr'Ikelimasiaka sy Maintinandriana ao Mangidy;

Menabe dia efa natomboka ary mitohy ny asa ao Dabaraha.

- Lakandrano fanondrahana mirefy 1 014 Km tamin'ny 1 031 Km nokasaina no vita ny fanarenana azy na ny fanamboarana ary ny fikojakojana tao amin'ny Faritra Itasy, Bongolova, Anosy, Melaky, Sofia, Boeny, Androy, Betsiboka, Alaotra-Mangoro, Analamanga, Haute Matsiatra, Atsinanana, Atsimo-Atsinanana, Vakinankaratra, Amoron'i Mania, Vatovavy-Fitovinany.

Raha ny fiompiana indray dia samy nanaovana ezaka ny fiompiana omby, akoho, kisoa, ondry, osy, tantely, tamin'ny Distrika maro manerana ny nosy.

- Toerana famonoana omby 3 no naorina tao Toamasina, Vangaindrano ary Taolagnaro.

- "Abattoir" manara-penitra iray tao Bongolova-Tsiroanomandidy koa no natsangana.

- Fiompiana omby fakana hena fitaratra 3 no naorina tao Toamasina, Tsiroanomandidy sy Taolagnaro.

- Omby mihoatra ny 2 400 no nametrahana Marika Voaradia (puces géolocalisables) mba hiarovana ny andian'omby eo 250 000 ao Bongolava sy Menabe.

- Nametrahana fanotrehana akoho mandeha amin'ny herinaratra ary mahazaka atody valopolo sy efajato avy ireto Distrika ireto: Ambohidratrimo, Antsiranana, Tsiroanomandidy, Mahajanga, Toamasina I sy Toamasina II.

- Zanakisoa fakana taranaka mihoatra ny 2000 no nomanina ary ireto Distrika ireto no nisitraka izany: Andramasina, Antananarivo avaradrano, Antananarivo atsimondrano, Ambohidratrimo, Manjakandriana, Ankazobe, Anjozorobe, Antsirabe I, Antsirabe II, Betafo, Faratsiho, Morondava, Miarinarivo, Tsiroanomandidy. Narenina koa ny foibe fanotrehana atody ao Ivato-Ambohidratrimo.

- Ondry aman'osy mihoatra ny 7 000 no nozaraina.

- Teo amin'ny jono dia amboarina ankehitriny ny sambo Telonify sy Antsantsa izay an'ny Foibe fanaraha-maso ny jono.

- Foibe fikarakarana ny vokatra avy anaty rano miisa sivy no naorina, ka roa tao Antsiranana II (Ankoranga sy Ambavarano); iray tao Morondava Bemanonga; iray tao Vohémar Ampisikinana ary dimy tao Ambovombe, Beloha, Tsihombe, Tranovaho ary Marolinta.

- Vondrona Fototra Mpitarika famokarana "algues marines" valo no nampiana tosika ara-bola tao Sainte-Marie.

- Zana-trondro miisa 1 500 000 no notsinjaraina tamin'ny mpiompy.

Ireto kosa ny asa atomboka sy mitohy amin'ity taona 2020 ity.

Amoron'i Mania: Fanarenana ny faritr'Anampina Ambatofinandrahana, Antsontsa Soavina Ambatofinandrahana ary Analalehibe Ilaka Centre Ambositra.

Analamanga: Fanarenana faritra voatondraka ao Antsiho-Andramasina, Antatamokely Mangamila-Anjozorobe, Antsorindrano sy Ampilanonana Anjozorobe.

Atsimo Atsinanana: Fanarenana faritra voatondraka ao Faritry Manambidala-Vondrozo, Vohipaho-Vaingandrano

Betsiboka: fanarenana ny fitarihan-drano ao Mahatsinjo Maevatanana

Bongolava: fanamboarana ny faritra tondrahana ao Andohafarihy Miandrarivo sy Idindrano ao Ambalanirana Tsiroanomandidy.

Diana: fampidiran-drano ny faritry Anketrakabe sy Anivorano Avaratra samy ao Antsiranana II.

Itasy: fanarenana ny faritra voatondraka ao Avarabary Imerintsiatosika Arivonimamo

Matsiatra Ambony: Fanajariana ny faritra ho tondrahana vaovao ao Andreana Ankitsaka sy Anasana ao Fianarantsoa ary fanajariana ao Ampandriandranovola-Vohitrafeno any Vohibato.

Melaky: Fanatsarana ny lemak'i Beboka, Bejanga sy Soatana-Trangalahy, Ankazomena Bekopaka. Distrikan'Antsalova, fanatsarana ny lemak'i Marofilaly Marohazo, fanarenana ny Demoka Betanatana, Veromanga samy Distrikan'i Maintirano.

Menabe: fanamafisana ny tetezana ao Antsoha, fanarenana ny lemak'i Tsaraotana samy ao Belo sur Tsiribihina, fanarenana ny lemak'i Vondrove-Beharona sy ny an'Ambararata-Manja

Sofia: fanarenana ny faritr'Angoaka Ambatofalio-Analalava, Tsimalao sy Morafeno ao Befandriana Avaratra, fanajariana tany ao Kalandy-Mandrantsara.

Vakinankaratra: fanarenana ny lemak'Andriampatsy Alakamisy-Antsirabe II, fanarenana ny faritr'Ambodiriana Soavina-Betafo

Vatovavy Fitovinany: fanarenana ny lemak'i Nofia Bekatra-Manakara sy fanajariana ny lemak'i Marofototra Andranomavo Mananjary.

Eo amin'ny sehatry ny tontolo iainana, natao laharam-pahamehana ny fiarovana ny ala sy ny tontolo iainana ary ireo harena voajanahary, toy ny biby sy zava-maniry miavaka izay tsy misy afa-tsy eto amintsika.

Nanomboka tamin'iny taona 2019 iny ny fametrahana ny fotodrafitrasa maitso ka ny tanjona dia fambolen-kazo ho an'ny velaran-tany 40 000 ha isan-taona eran'i Madagasikara.

Velaran-tany 41 065 ha no voavoly ny taona 2019, ka 38 609 ha no ala tsotra ary 2 457 ha ny ala honko (mangroves).

Ho fiarovana ny ala dia natao laharam-pahamehana ny fanomezan-danja ny toekarena maitso (économie verte) sy ny toekarena mifampitsinjo (économie circulaire).

Noho izany, natomboka tamin'iny taona 2019 iny ny tetikasa miisa telo fanodinana fako hasolo ny arina ao Toamasina, Antsiranana ary Antananarivo-Avaradrano. Mbola mitohy amin'ity taona 2020 ity ny famitana ireo fanorenana sy ny fampitaovana azy ireo.

Mametraka tanjona ny hanomana zanakazo miisa 60 000 000 mba ahafahana manatratra ny tanjona fandrakafona ala 40 000 ha isan-taona an'i Madagasikara.

Amin'ity taona 2020 ity koa no hividianana ireo "drones" miisa 10 hampiasaina hamafazana ireo voa hanatrarana ireo toerana saro-dalana.

Handrakotra ala roapolo hektara amin'ny «paulownia, acacia» sy ny hazo mitombo malaky ny Minisitery misahana ny Tontolo Iainana amin'ity mba hatao fitaratra (vitrine), noho ireo hazo ireo mandray anjara amin'ny fanadiavana haingana ny rivotra.

Eo amin'ny sehatry ny Paositra, ny Fifandraisan-davitra ary ny Fampiroboroboana ny Kajy mirindra dia betsaka ny ezaka efa vita toy ny:

- fiaraha-miasa amin'ny sampandraharaham-panjakana, orinasa ary tranom-barotra lehibe maro eto amintsika amin'ny alalan'ny "E-paiement". Efa natomboka izany tamin'ny taona 2019 ka 102 000 ny mpanjifa ny "Paositra Money" amin'izao fotoana izao. Ny tanjona dia ny hahatratrarana mpanjifa miisa 300 000 amin'ny taona ho avy.
- fanatsarana ny fotodrafitrasa ka iarahantsika mahita ny fanavaozana ny Foiben'ny Paositra Malagasy eo Antaninarenina izay efa eo andalam-pahavitana.

Amin'ity taona 2020 ity dia maro ireo asa hotanterahina ka ao anatin'izany:

- Ny asa fanavaozana ny biraon'ny paositra maro eto amintsika, toy ny any Mananjary, Ambohimandroso, Sambava, Morondava, Maintirano, Ampefy, Ihosy, Nosy Be, Andranofasika, Ambato-Boeny Mahatsinjo, Maevatanana, Anivorano Atsinanana, Manakara, Sakaraha; Taolagnaro, Ambovombe, Fenoarivo-Atsinanana, Ambatofinandrahana, Ambositra, Moramanga, Ambatondrazaka, Fianarantsoa, Antsiranana, Mahajanga, Toamasina, Toliara, Tsaralalana, Talatamaty, Antaninarenina, Antanimena, Andravoahangy, Ambohimananina ary Ambanidia.
- Ny fananganana "Smart Villages" miisa 50 any amin'ny Faritra roa amby roapolo manerana ny nosy.
- Ny fanokafana «Hotspots» tsy andoavambola na «wifi gratuit» amin'ireto: Ambohidratrimo, Ambohijanaka, Ambohimanga-Rova, Sabotsy Namehana, Tsiroanomandidy, Arivonimamo, Miarinarivo, Ampefy, Antsirabe, Ambanja, Ambilobe, Antsiranana, Sambava, Ambalavao, Fianarantsoa, Ambositra, Ihosy, Farafangana, Vaingaindrano, Manakara, Mananjary, Ambondromamy, Mahajanga, Maevatanana, Maintirano, Antsohihy, Port-Bergé, Mahanoro, Toamasina, Foulpointe, Fenoarivo-Atsinanana, Sainte Marie, Ambatondrazaka, Moramanga, Ampanihy, Sakaraha, Toliara, Taolagnaro, Ambovombe, Belo sur Tsiribihina, Morondava, Antananarivo I, Antananarivo II, Antananarivo IV, Antananarivo V. Fanombohana ihany amin'ity taona ity ho an'ireo Distrika miisa 45 ireo, fa hahenika ny Distrika rehetra manerana ny nosy ny ezaka hataontsika.

Eo amin'ny lafin'ny Asa Vaventy sy ny Fanajariana ny Tany dia maro ny ezaka natao ka nahitana vokany toy izao:

- Lalana manodidina ny 800 Km no narenina mba ho azo ampiasana ato amin'ny Distrikan'Antananarivo-Renivohitra, Antananarivo-Atsimondrano, Antananarivo-Avaradrano, Ambohidratrimo, Toamasina II, Fenoarivo Atsinanana, Soanierana-Ivongo, Ambilobe, Ambatolampy, Antsirabe I, Antsirabe II, Ambositra, Ambohimasoana, Fianarantsoa I, Fianarantsoa II, Ambalavao, Ihosy, Sakaraha, Toliara I, Toliara II, Manjakandriana, Moramanga, Brickaville, Taolagnaro, Amboasary, Ambovombe, Farafangana, Vaingaindrano, Manakara, Ambatondrazaka, Amparafaravola.
- Natomboka ny fanamboarana ny RN44 mampitohy an'i Marovoay sy Vodiala.
- Natomboka ny fanamboarana ny RN5A mampitohy an'i Ambilobe sy Vohémar.
- Miroso ihany koa ny fanamboarana ny RN9 mampitohy an'Analamisampy sy Manja ao amin'ny Distrikan'i Morombe sy Manja ary ny fanarenana ny tetezan'i Bevoay amin'ny reniranon'i Mangoky.
- Efa niroso ihany koa ny fanomanana ny fandinihana ny fanarenana ny RN12A sy ny fanarenana ireo tetezana valo mampitohy an'iny lalana iny mahasehaka Distrika telo dia Farafangana, Vaingaindrano ary Taolagnaro.

- Nanomboka ny fanamboran-dalana ao antampon-tanànan'i Sambava fantatra amin'ny hoe "Maman'i Dolores".
- Vita tanteraka ny tetezana ao Andranonakova-Manandriana.
- Nohatsaraina ny lalana tao amin'ny Distrikan'Avaradrano manodidina an'Ankadinandriana, Ambatomilona ary Ambohijatovo.
- Mikasika ny RN7 manokana dia efa misy ny vita ao amin'ny tanànan'Antsirabe I ary ny tetezan'i Vohiposa dia andalam-pahavitana amin'ity 2020 ity.
- Ny famerenana amin'ny laoniny ny lalàna RN5 Toamasina-Fenerive-Est dia eo amperin'asa tanteraka ary vinavinaina ho vita tsy ho ela intsony.
- Ny Kaominina ambanivohitra Mananasy sy Mahavelona ao amin'ny Distrikan'i Soavinandriana dia efa misitraka koa ny fanatsarana ny lalana.
- Namboarina tanteraka ny tetezana eo Mananjemba RN6.
- Vita ny "bac" tao Brickaville rehefa simba nandritra ny fotoana maro.
- Vita ihany koa ny fanarenana ny seranam-piaramanidin'Ambatondrazaka. Toy izany koa ao Antsohihy.

Amin'ity taona 2020 ity dia toy izao ny laharam-pahamehana napetraka:

- Ho fanatsarana ny endriky ny Renivohitr'i Madagasikara sy hampihenana ny fitohanana lavareny dia atomboka ny tetikasa fananganana "fly-over" eo Anosizato sy eo Andohatapenaka.
- Hovitaina ihany koa ireto lalam-pirenena ireto: RN14 Ifanadiana-Ikongo-Vohipeno, ampahan'ny RN12 miditra ny tanànan'i Farafangana, RN11 Mahanoro-Marolambo.
- Ny RN23A Anosibe An'Ala dia ezahintsika ny hanatsarana azy mba ho azo aleha tsara. Toy izany koa ny RNT15 Ankazoabo-Sakaraha-Beroroha, RNT18 Ihosy-Ivohibe-Vondrozo-Midongy-Befotaka ary RNT19 Katsepy-Mitsinjo-Soalala-Besalampy.
- Hatomboka tsy ho ela intsony ny fanamboarana ny lalana RN6 Ambanja-Antsirana.
- Hatomboka ihany koa ny fanamboarana ny lalana RN1-Bis Maintirano-Tsiroanomandidy.
- Hamboarina ny lalana ao antampon-tanànan'i Soalala sy ny rindrim-bato miaro ny tanàna.
- Harenina ny lalana RN6 Ambondromamy-Ambanja, RN34 Miandrivazo, RN35 Malaimbandy-Morondava; RN12, RN7; lalana maro any amin'ny renivohitry ny Faritany, lalana ao antampon-tanànan'Antsirabe, RN43 Analavory-Sambaina, RN5 Fenoarivo Atsinanana-Soanierana-Ivongo.
- Hamboarina ny tetezana Antanamarina RNT19, ny tetezana Antalarava RNT15.

Eo amin'ny sehatry ny Angovo. Ity farany ity anisan'ny sehatra iray fanoitra hanarenana ny toekarena ary ahafahana indrindra koa mitondra fampandrosoana ny firenena. Anisan'ny lalan-kevitra noraisin'izao Governemanta izao ny fidirana amin'ny fampiasana ny angovo azo havaozina ka hialana tsikelikely amin'ny fampiasana angovo mampiasa solika. Foibe mamokatra herinaratra mandeha amin'ny angovo azo avy amin'ny masoandro tao amin'ny Distrikan'Ihosy sy Antsirabe no naorina ny taona 2019.

Nisy koa ireo Foibe mamokatra angovo azo avy amin'ny rano (centrale hydroélectrique) no natsangana tao Sarobaratra (Miarinarivo), Ambatomanoina (Anjzorobe) ary ny tao Androka (Ambatondrazaka).

Tontosa ihany koa ny fanamboarana ireo tambazotra herinaratra avy amin'ny masoandro (Mini-Grid Solaire) ao amin'ny tanàna miisa 10 dia ao Manombo sy Antanimeva (Toliara II sy Morombe), Ampasina Maningory sy Ampasibe Manantsatrana ary Vohilengo (Fenoarivo Atsinanana), Anjahambe (Vavatenina), Marovato Ouest (Andapa), Bemanevika (Sambava), Ambatonikolahy (Betafo) ary tao Antsampanandro (Ambatolampy).

Distrika miisa 6 no voakasiky ny fanarenana tambazotra fitsinjarana angovo azo avy amin'ny rano dia ao Ambohidratrimo, Amparafaravola, Behenjy, Bealanana, Ambohimahasoa, Brickaville.

Eo amperin'asa koa ny tomponandraikitra amin'ny fananganana ireo Foibe mamokatra angovo avy amin'ny masoandro an'i Mangily sy Anakao (Toliara II) ary ao Antsirabe.

Efa miroso amin'ny fampidirana tambazotra fanapariahana angovo sy fampiasana angovo fanampiny avy amin'ny masoandro isika any amin'ny Distrikan'Antsohihy, Toamasina, Toliara, Morondava, Sambava, Nosy-Be, Andapa, Antalaha, Vohémar sy ao Port-Bergé.

Efa tanàna maromaro koa no hitantsika fa nanatanterahana na eo andalam-panatanterahana ny fametrahana ireo andrin-jiro manazava ny lalana, toy ny ao Ambatofinandrahana, Ambohimahasoa, Fianarantsoa, Ihosy, Ambalavao, Mananjary, Manakara, Nosy Varika, Vohipeno, Farafangana, Vangaindrano, Mahajanga.

Raha ny asa hotanterahana amin'ny sehatry ny angovo kosa amin'ity 2020 ity dia anisan'ny fanohizana ny fametrahana andrin-jiro mba hanazava ny lalana any amin'ny Distrika maro.

Hovatsiana “générateurs hybrides” ny hopitaly 19 ka ny renivohitry ny Faritany (Antananarivo, Toamasina, Mahajanga, Fianarantsoa, Toliara ary Antsiranana) no hatao laharam-pahamehana.

Hatomboka amin'ity taona ity koa ny fampiasana ireo “bornes de paiement” amin'ny fandoavana ny faktioran'ny JIRAMA. Ireo Distrika lehibe sady renivohitry ny Faritany no hanombohana izany.

4. Ny Lafiny Sosialy:

Eo amin'ny sehatry ny Fanabeazana sy Fiofanana ho an'ny rehetra dia miova tanteraka ny fijerin'ny Governemanta raha ny fampianarana no jerena noho izy mametraka lalan-tsaina miainga amin'ny fanorenana sekoly, fa tsy lakilasy fotsiny. Ezahina ny hahatonga ny zaza Malagasy farany izay betsaka hiditra an-tsekoly amin'ny alalan'ny fampihenana ny elanelan'ny toeram-pianarana sy ny toeram-ponenana.

Ho an'ny taona 2019, nikasa hanangana sekoly manara-penitra isika. EPP miisa 30, CEG 8 ary Lycée miisa 6. Misy ireo efa vita tanteraka, toy ny EPP any Ambatondrazaka, EPP ao Ifanadiana ary ny EPP any Ambositra, azo andraisana mpianatra amin'ny taom-pianarana ho avy. Ny ambiny kosa, eo andalam-pamitana.

Ny tanjona ho amin'ny taona 2020 dia:

- EPP manara-penitra miisa 30 no hatsangana ao Nosy-Be, Ambanja, Antalaha, Andapa, Marovoay, Maroantsetra, Soanierana-Ivongo, Sainte-Marie, Maevatanana, Ambohidratrimo, Anjozorobe, Ankazobe, Manjakandriana, Soavinandriana, Ankadinondry Sakay, Foulpointe, Mahanoro, Antanifotsy, Ambatolampy, Faratsiho, Fandriana, Nosy Varika, Ihosy, Ampanihy, Morombe, Vangaindrano, Betroka, Amboasary Atsimo, Beloha, Bekily.

- Ny Distrika 119 manerana ny nosy koa dia hananganana efitrano fianarana (salles de classe) efatra avy. Izany hoe 476 efitrano fianarana no hatsagana amin'ity taona ity.

- CEG valo vaovao koa no hatsangana amin'ity taona ity ao Sambava, Port-Bergé, Ambatondrazaka, Moramanga, Arivonimamo, Antsirabe I, Antananarivo-Atsimondrano, Taolagnaro.

- Lycée miisa 6 ao Antsohihy, Mahajanga, Toamasina I, Mananjary, Fianarantsoa ary Ambovombe koa no hatsangana.

- Hotohizana ny fandraisana ho mpampianatra raikitra ireo mpampianatra FRAM.

Ho fanohizana ny fenitry ny fanabeazana ho an'ny rehetra dia ezahina ny fanitarana **ny fampianarana ambaratonga ambony** mba hanatona hatrany ny vahoaka eny ifotony.

Arak'izany, naorina nanomboka ny taona 2019 ny Oniversite tamin'ny Faritra maromaro, toa an'i Soavinandriana, Morondava, Fenoarivo-Atsinanana ary Antsirabe.

Amin'ity taona 2020 ity dia hotohizana ny asa fanapariahana ny fianarana ambaratonga ambony ka ny tanjona apetraka dia:

- ny fananganana Oniversite efatra vaovao any Taolagnaro, Antsohihy, Sambava ary Maintirano.
- ny fananganana trano fonenana sivy vaovao ho an'ny mpianatra izay haorina eto Antananarivo, Toliara, Antsiranana, Mahajanga, Morondava, Soavinandriana, Fenoarivo Atsinanana, Antsirabe.
- ny fanarenana ny "Campus" eny Vontovorona.
- ny fampitaovana ireo fanorenana rehetra ireo sy ny sampandraharaha tena mila izany.

Eo amin'ny sehatry ny fahasalamana izay zo fototra ho an'ny olombelona, natao ho vaimodohan-draharaha hatrany ny fahasalam-bahoaka.

Hopitaly manara-penitra CHRDR miisa 13 no natomboka tamin'ny taona 2019 any Ambohimahaso, Analalava, Antsalova, Beloha, Iakora, Ivohibe, Mahabo, Mampikony, Manandriana, Mandritsara, Tanambao Manampotsy, Vohibato ary Vondrozo.

Ny CHRR Maintirano dia marihana fa anisan'ny hopitaly lehibe izay natomboka tamin'ny taon-dasa koa.

Ny fanombohan'ny asa fananganana "unité de transplantation rénale" eny amin'ny CHU Andohatapenaka dia natao tamin'ny taona 2019.

Ankoatra ny hopitaly manara-penitra dia nanangana CSB II miisa 13 ihany koa isika ny taona 2019. Miisa 10 ny CSB vita tamin'ny taona 2019, dia tao Ambatomitsangana (Soavinandriana), Sendrisoa (Ambalavao), Talatanangavo (Ankazobe), Manjarivo (Manakara), Motombositra (Beloha), Antetizamintsina (Andapa), Ankaratra (Ambilobe). Ny mbola tsy vita dia any Ambodirano (Vondrozo), Bekodoka (Besalampy) ary Manja.

Amin'ity taona 2020 ity dia ezaka maro no hatao:

- fametrahana mpiasa sy fitaovana ho an'ireo fotodrafitrasa vaovao.
- fanorenana CSB ao anatin'ny Distrika dimy indray dia ny ao Sampoina (Ambovobe), Antselibe (Beloha), Marovato (Tsihombe), Beahitsy (Ampanihy) ary Maroalipotry (Ambovobe).
- fananganana toeram-ponenana manara-penitra ho an'ireo mpitsabo sy tomponandraikitra any amin'ireo toerana lavitra, mba hamporisihina azy ireo amin'ny asany. Noho izany, trano fonenana any amin'ireo Distrika miisa 39 no hatsangana ao Maintirano, Ambatomitsangana (Soavinandriana), Sendrisoa (Ambalavao), Ranohira (Ihosa), Mahatsara (Ambatondrazaka), Ambanivohitra (Ambatondrazaka), Talatanangavo (Ankazobe), Manjarivo (Manakara), Motombositra (Beloha), Antetizamintsina (Andapa), Ankaratra (Ambilobe), Ambodirano (Vondrozo), Bekodoka (Besalampy), Manja, Sampoina (Ambovombe), Maroalipotry (Ambovombe), Antselibe (Beloha) Marovato (Tsihombe) ary ao Beahitsy (Ampanihy).
- fanamboarana "logements administratifs" ho an'ireo mpitsabo sy tomponandraikitra amin'ireo hopitaly manara-penitra vao hajoza izay miisa 13, ka hisitraka izany ireto Distrika ireto: Antsalova, Beloha, Mampikony, Manandriana, Iakora, Alakamisy Itenina (Vohibato), Vondrozo, Ambohimahaso, Analalava, Mandritsara, Ankilizato, Ivohibe, Antanambao-Manampotsy.
- fampitaovana ny "bloc opératoire" ao Mahavoky Atsimo, Mahajanga.

- asa fanarenana ao amin'ny «Centre de Rééducation Motrice» ao Antsirabe, ny «Service Pédiatrie» ao amin'ny CHU «Place Kabar» any Antsiranana, ny «Salle de rééducation» CHUAM.
- fandraisan'ny fanjakana an-tànana manontolo ireo «soins d'urgence» ho an'ireo marary tonga tampoka eny amin'ny «Service d'urgence» amin'ireo CHU amin'ny Renivohi-paritany enina eto amintsika.
- fampitaovana maro ho an'ny CHU vitsivitsy dia ao Ambohimandra (Antananarivo), Fenoarivo (Antananarivo) ary ny «matérnité» ao Tambohobe (Fianarantsoa).
- asa fanarenana ny hopitaly manara-penitra miisa 6 izay efa ampiasaintsika ankehitriny.

Ao anatin'izao fotoam-pahamehana ara-pahasalamana izao dia betsaka ny ezaka sy fepetra noraisina mba hiadiana amin'ity «Covid-19» ity ary ambava ady amin'izany ny mpiasan'ny fahasalamana sy ny mpitandrofilaminana isan-tsokajiny. Ny fanafody CVO fanefitra sy entina mitsabo ny "Covid-19" dia tombon-dahiny lehibe ho antsika Malagasy. Paikady efa mari-pototra eto amin'ny firenentsika ny fampiasana ireo antsoina hoe raokandro nohatsaraina (Remèdes Traditionnels Améliorés) na RTA, ka nahafahana avy hatrany namokatra fanefitra niainga avy amin'ny "Artémésia".

Eo amin'ny sehatry ny Rano Fisotro madio, Distrika maro manerana ny nosy no nijaly rano nandritry ny fotoana lava satria tsy ampy ny fampitaovana maharitra ho amin'izany kanefa ny isan'ny mponina sy ny tanàn-dehibe dia nitombo hatrany.

Amin'ity taona 2020 ity dia nanapa-kevitra ny fitondram-panjakana fa hanao fampitaovana amin'ny Distrika mihoatra ny 30 isa amin'ny alalan'ny asa fanorenana na fanitarana fotodrafitrasa na fampitaovana ireo "forages" efa vita, na fanatsarana ny fitsinjarana ny Rano Fisotro madio any amin'ny mponina any ka voakasika amin'izany ireto Distrika ireto: Soalala, Kandrehy, Ampanihy, Manja, Fenoarivo-Atsinanana, Taolagnaro, Manakara, Betroka, Betioky, Soavinandriana, Mahajanga I, Mahabo, Nosy-Be, Belo sur Tsiribihina, Bekily, Ambovombe, Beloha, Ankazoabo, Antanifotsy, Farafangana, Tsihombe, Antsalova, Ambalavao, Mandritsara, Fenoarivobe, Miandrivazo, Mananara Avaratra, Mampikony, Sakaraha, Besalampy, Ivohibe, Ifanadiana, Morafenobe sy Vatomandry ary Mirinarivo.

Ny eo amin'ny trano fonenana sy ny famoronana tanàna vaovao dia hatomboka amin'ity taona ity ireo fanorenana trano fonenana ho an'ny daholobe (logements sociaux), ka toeram-panorenana miisa 10 no hisitraka izany ao anatin'ireto Distrika ireto: Toliara I, Fianarantsoa I, Antananarivo, Toamasina I, Antsiranana I sy Mahajanga I ary Antsirabe I.

Efa natomboka sy hitohy amin'ity taona ity ihany koa ny fanadihadiana amin'ireo toerana hananganana tanàna vaovao ankoatra an'Antananarivo.

Eo amin'ny lafin'ny fiahiana ny mponina, ny fiahiana ara-tsosialy ary ny fampivoarana ny vehivavy dia toy izao ny ezaka efa natao tamin'ny taona 2019:

- fananganana trano miisa 74 ho fametrahana vondrom-piarahamonina ho an'ny fianakaviana marefo any Antsapanimahazo, Antsirabe II.
- fananganana trano ho an'ny olona sahirana any Ambohijafy, Toamasina I.
- fananganana ivon-toerana fikarakarana ireo niharan'ny herisetra mifototra amin'ny lahy sy ny vavy (VBG) eto Antananarivo II.
- fananganana biraom-panjakana hanatsarana ny asan'ny Minisitery misahana ny Mponina any Antsiranana I, Antsohihy, Vaingaindrano, Vatomandry.
- fananganana biraom-panjakana hanatsarana ny asan'ny Minisiteran'ny Mponina any Mahanoro, Soanierana-Ivongo, Sainte-Marie, Fenoarivo Atsinanana.

Ezaka maro no hotontosaina amin'ity taona 2020 ity, toy ny:

- fanokafana ny toeram-pisakafoanana “kaly tsinjo” ho an’ny marefo ara-pivelomana amin’ireto Distrika ireto: Antananarivo Renivohitra, Ambovombe Androy, Tsihombe, Beloha, Bekily, Amboasary, Betroka, Ampanihy, Toliara, Toamasina, Fianarantsoa.
- fananganana biraom-panjakana hanatsarana ny asan’ny Minisiteran’ny Mponina miisa 28 any Antanambao Manampotsy, Andilamena, Vohibato, Isandra, Nosy Varika, Ikongo, Bealanana, Mampikony, Ihosy, Antsiranana II, Mananara Nord, Mahajanga II, Soalala, Maevatanana, Besalampy, Morombe, Benenitra, Ankazoabo, Manandriana, Miandrivazo, Morondava, Fenoarivobe, Mandoto, Andapa, Soavinandriana, Midongy Atsimo, Befotaka Sud, Vondrozo.
- fananganana ivon-toerana fandraisana an-tànana sy fanofanana ireo olona manana fahasembanana miisa 4 any Toamasina, Manakara, Morondava, Moramanga.
- fananganana ivon-toerana fikarakarana ireo zokiolona miisa 6 any Antsiranana, Mahajanga, Antsirabe, Antananarivo, Fianarantsoa, Toliara.
- fananganana ivon-toerana fandraisana vonjimaika ny ankizy tsy misy mpiahy any Nosy Be, Antalaha.
- fananganana ivon-toerana fikarakarana an’ireo niharan’ny herisetra mifototra amin’ny lahy sy ny vavy miisa 5 any Ambovobe, Ihosy, Farafangana, Mahajanga II, Antananarivo.
- fananganana ivon-toerana fihainoana sy fanoloran-kevitra araka ny lalàna miisa 3 any Beloha, Amboasary Sud, Miarinarivo.

Eo amin’ny fampivoarana ny Tanora, efa natao ho fenitra ny fametrahana ny tanora Malagasy amin’ny toerana mendrika azy. Ny fanatanjahantena dia fitaovana iray lehibe entina mampiseho ny firaisam-pirenena sy ny hambompom-pirenena Malagasy.

Distrika telo no nisitraka ny fanorenana kianja manara-penitra lehibe afaka mandray mpijery 15 000 tamin’ny taona 2019 dia tao Toamasina, Antsiranana sy Morondava. Eo andalam-pahavitana izany ankehitriny.

Ny “gymnase” ao Antsirabe dia eo andalam-pahavitana ihany koa.

Toeram-pilalaovana tsipy kanetibe roa no naorina tao Toamasina sy Mahajanga tamin’ny taona 2019. Narenina ihany koa ny tao amin’ny ANS Ampefiloha. Nisitraka birao vaovao ny DRJS any Morondava ary nitarina ny efitrano malalaky ny Tranoben’ny Tanora (Maison des Jeunes) ao Morondava ihany izany.

Eo ampanamboarana ny kianjabe Barea etsy Mahamasina isika amin’izao fotoana izao.

Hatomboka tsy ho ela ny fanorenana “gymnase” miisa telo afaka mandray mpijery 4000 ao Mahajanga, Toliara ary Toamasina ary “gymnase” miisa 15 afaka mandray mpijery 1000 any amin’ny Distrika samihafa dia any Mahanoro, Ampanihy, Vohémar, Ikongo, Maintirano, Betafo, Antsohihy, Ihosy, Manakara, Farafangana, Taolagnaro, Ambovombe, Fenerive-Atsinanana, Mandritsara ary ao Sambava.

Ankoatra ny “gymnase” dia hisy koa ny fanamboarana dobo filomanosana olympika (piscines olympiques) roa any Mahajanga sy Toliara.

Eo amin’ny lafiny Serasera sy Kolotsaina, maro ny asa fanatsarana ireo sehatra ireo, ka ao anatin’izany ny fanombohan’ny fanamboarana fotodrafitrasa sy ireo fampitaovana isan-tsokajiny. Ezahina ny hitohizan’ireo asa ireo amin’ity taona 2020 ity.

Natao ezaka manokana ny fanatsarana ny fandraisan’ny Kaominina rehetra manerana ny nosy ny haino amanjerim-bahoaka.

Fanorenana “blocs techniques” tamin’ny Distrika miisa 7 no tontosa tamin’ny taona 2019 dia tao Brickaville, Ambovombe, Ihosy, Ambositra, Manakara, Amparafaravola ary tao Malaimbandy.

Narenina ihany koa ny birao, ny toerana fampielezana sary sy feo ho an’ireo sampandraharahan’ny TVM/RNM any amin’ny Distrikan’i Faratsiho, Ambatolampy, Mandoto, Toamasina, Vatomandry, Ambatondrazaka, Manandriana, Antsiranana I, Morondava ary ny tao Belo sur Tsiribihina. Efa vita tanteraka izany ankehitriny ary efa misitraka azy ireo toerana ireo.

Natomboka ny asa fanarenana sy fanatsarana ny toerana manan-tantara ao amin’ny Distrika enina, ka misy amin’izy ireo efa notontosaina tamin’ny taona 2019. Ny Rovany’Antongona, ny Rovany’Ambositra ary ny Vohitr’Ambohimanga, ny “Maison Nathan” ao Toamasina I, ny Manda ao Mahavelona, ny Trano nonenan’ny Praiminisitra Rainilaiarivony ao Amboditsiry, ny Rovany’Ilafy, ny Toeram-pitsarana eo Ambatondrafandrana-Andohalo, ny Fasan-dRainiharo eo Isoraka, ary ny “Musée” ao Moramanga. Izay no voakasika tamin’ireo asa fanarenana ireo.

Efa mandeha ihany koa ny fanavaozana ireo vakoka ara-kolotsaina sy ara-tantara maro misy eran’i Madagasikara. Vakoka miisa 11 any amin’ny Distrika samihafa no hotanterahana amin’ity 2020 ity. Ny Didim-panjakana laharana faha-2020-350 tamin’ny 16 Martsa 2020 no mametra ireo mpikambana ao amin’ny Komity Siantifika miara-miasa amin’ny Minisiteran’ny Kolotsaina amin’ny fanatanterahana ireo asa rehetra ireo. Tsongaina manokana amin’izany ny asa fanarenana ny Rovany’Antananarivo.

Efa tontosa koa ny fanorenana ireo “Maisons de la Culture et de la Communication” izay natomboka tamin’ny taona 2019 tao amin’ny Distrikan’Antsiranana I, Mahajanga I, Toamasina I, Fianarantsoa I ary Toliara I.

Tiako ny manentana ny mpiray tanindrazana amin’ny tokony hamehezan-tenan’ny tsirairay mba tsy ho fitaovana fanelezana vaovao tsy marina, fanakorontanana ny saim-bahoaka amin’ny alalan’ireo tranga tsy voamarina eny amin’ireny tambazotra ireny. Mankasitraka hatrany ny tenako amin’ny fahatongavan-tsaina izay efa hita taratra eny amin’ireny tambazotra sosialy ireny. Efa betsaka ny olona miezaka manitsy ny diso sy ny zavatra tsy mari-pototra any anatin’ireny.

Ramatoa Filoha,
Tompokolahy sy Tompokovavy,

Ialana tsiny raha somary lavalava ihany ny tatitra natao satria ny Antenimierampirenena no anisany nitaky izany noho ny anjara andraikitra sahaninareo amin’ny fanaraha-maso ny asan’ny Mpanantanteraka.

Misaotra anareo tokoa izahay, fa ireo asa maro ireo no natomboka na efa vita sahady dia teo ny fiaraha-miasa napetratsika mba hampahomby ny fanarenana ary ny fampandrosoana an’ity Madagasikara mamintsika ity.

Araka ny efa nambaran’ny Filohan’ny Repoblika omaly dia hisitraka fotodrafitrasa fampandrosoana avokoa ny Distrika tsirairay eto Madagasikara manomboka izao ary hataon’ny Governemanta fanamby ny hanatanterahana izany.

Ilaina koa ny fahaizana mandrindra ny fientanana miaraka amin’ireo mpiara-miombon’antoka amintsika. Izany zotram-pampandrosoana ilaintsika izany dia mametraka antsika amin’ny toerana izay tokony hanandratantsika hatrany ny mahaizy antsika Malagasy sy mahaizy an’i Madagasikara.

Ny diplomasia Malagasy dia hanampy betsaka amin'izany, ka izay no hanaovantsika ezaka manomboka izao mba hanatsarana ny endriky ny masoivohontsika any ivelany manomboka amin'ity taona ity.

Eto ampamaranana dia manantitra ny tenako amin'ny fahavononan'ny Governemanta hanohy ny fanatanterahana ny fandaharanasa momba ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana na dia eo aza ny fahasahiranana fanampiny entin'ity valan'aretina "covid-19" ity. Mampanantena ny Governemanta manontolo, fa hanao ny ainy tsy ho zavatra hanatanterahana ny vinan'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika.

Misaotra indrindra anareo rehetra ny tenako nampiantrano sy nandray ny famelabelarana izay natao androany izao.

Misaotra Tompokolahy.

Mankasitraka Tompokovavy.

Nisaotra an'Andriamatoa Praiminisitra, tamin'ny fandravonana nataony, Ramatoa Filoha ary nanamarika fa nangataka hiteny koa ireo Solombavambahoaka tsy miankina na ny "non affiliés", ka homena fitenenana izy ireo saingy nohamafisiny, fa miompana tanteraka amin'ny fandravonana natao teo no tokony handraisana fitenenana.

Nanamarika koa, Ramatoa Filoha, fa mety ho maro ny Distrika mety tsy voateny tamin'ny fandravonana teo; kanefa efa nanambara, Andriamatoa Filohampirenena, omaly fa hanaovana fotodrafitrasa daholo ny Distrika rehetra eto amintsika, ka tsy tokony hiverenana raha sendra misy an'izany.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisana fitenenana ny Vondrona Parlemantera ary ferena ho 7 minitra no faharetany araka ny voalaza tany aloha.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson no nitondra ny tenin'ireo Solombavambahoaka tsy miankina.

Fisaorana manokana an-dRamatoa Filoha, tamin'ny fanomezana fitenenana voalohany ny Solombavambahoaka vitsy an'isa no nataony mialoha; manarak'izay, fisaorana ny Praiminisitra tamin'ny fandravonana ny tatitra sy ny fanampim-panazavana nentiny koa.

Nambarany, fa tsy azo odian-tsy hita ny fiantraikan'ny valan'aretina "covid-19" amin'ny resaka ara-tsosialy. Raha ny marina, heverina fa mandroso ny firenena iray rehefa afaka misakafo tsara ny mponina ao aminy, mandeha ara-dalàna ny fitsaboana, mianatra ny mpianatra sy ny sisa.

Mila jerena koa ny lafiny ara-toekarena, toy ny tahan'ny vidim-piainana, ny tahan'ny fidiranketra. Izany hoe, maro ny zavatra tokony hojerena hanarenana ny fiainana aorian'izao valan'aretina izao. Noho izany, tokony haseho ny fitiavan-tanindrazana amin'izao fankalazana ny faha-60 taona niverenan'ny fahaleovantena izao.

Ny tiana holazaina, tokony haneho firaisan-kina isika hiatrehana izao valan'aretina izao, fa izay no tena zava-dehibe. Soatoavina Malagasy izany, ka izay no antony itenenana azy eto. Betsaka loatra ny fanilikilihana sy ny fitiavan-kely hita tato ho ato izay, ka aleo tsy hisy an'izany intsony.

Raha iny fandravonana nataon'Andriamatoa Praiminisitra iny no jerena, azo atao tsara ny manatanteraka ny politika hampandrosoana ny firenentsika. Miankina amin'ny toe-tsaina anefa no fomba entina hanatontosana izany araka ny teny nambaran'Andriamatoa Praiminisitra teo.

Hisy fiantraikany lehibe eto Madagasikara iny zavatra nataon'ny Praiminisitra teto androany, koa fisaorana no atolotra azy, tahaka izay ho an'ny Solombavambahoaka rehetra tonga nanatrika izao fihaonana izao.

Nisaotra ny solotenan'ny Solombavambahoaka tsy miankina, Ramatoa Filoha ary nanome fitenenana ny solotenan'ny Vondrona Parlemantera TIM, taorian'izay.

Andriamatoa RANDRIANANTENAINA Antony José no nisolotena ny Vondrona Parlemantera TIM.

Fanamarihana no nataony voalohany mikasika ny fomba fiasa eto amin'ny Antenimierampirenena: amin'ny fihaonana toy izao, tokony handeha mivantana amin'ny televiziona izany satria ny Praiminisitra no tonga manao tatitra eto amintsika. Inona no antony tsy andefasana azy mivantana? Ny vahoaka nifidy anay koa manantena ny fandehanan'izao mivantana satria izay no fanao hatramin'izay.

Faharoa, tokony hiditra ao anaty Vondrona Parlemantera ny tsy miankina, fa tsy mety ny tahaka izao.

Tamin'ny fandraisany fitenenana ankapobeny no nilazany, fa ao anatin'ny mpanohitra no misy ny Vondrona Parlemantera TIM. Tsy manana fahavalo olona aho hoy ny Filohampirenena raha nikabary izy; izahay TIM koa tahaka izany.

Nomarihany, fa misy tomponandraikitra ambony manilikilika ny mpanohitra, tsy milaza aminay akory rehefa misy zavatra atao any amin'ny toerana nahavoafidy anay. Tokony hojerena izay toe-javatra izay satria tsy mety.

Nilaza ny Filohampirenena fa voafehy ny valan'aretina "covid-19", izahay kosa miondrika eo anatrehan'ireo olona lavo tamin'ity valan'aretina ity. Ohatra ilazana fa tsy voafehy ny valan'aretina, ireto misy tarehimarika vitsivitsy manambara azy: tamin'ireo olona nanaovana "test", ny 8% taminy dia nahitana fa mitondra otrik'aretina daholo izy ireo. Nisy olona miisa 600 avy tany Ambatondrazaka nankany Antsirabe II, voamarina fa nitondra izany otrik'aretina izany avokoa kanefa tsy fantatra na notsaboina na tsia.

Aiza ho aiza ny fanazavana mikasika ny vola fanampiana izay mitentina an-tapitrisa dolara. Momba ny fitantanana azy, tokony tsy hatao tompon-trano mihono ny vahoaka Malagasy amin'izay zavatra izay, fa omeo porofo sy fanazavana.

Ahoana ny mikasika ny fanatanterahana ny "plan Marshall" satria nolazaina fa misy vola mitentina 1 043 Miliara Ariary hoentina hanarenana ny toekarena. Tsapa anefa fa sahirana ny "entreprise" sy ny "zone franche" na eto Antananarivo izany na any Antsirabe. Mihamaro ny tsy an'asa ka tokony hanome vahaolana ny mpitondra eo anatrehan'izay.

Inona no antony tsy anamorana ny fizarana ny CVO any amin'ny Distrika rehetra? Lafo ny vidiny, ka tsy takatry ny vahoaka; azo atao ve ny mampidina izany?

Mikasika ny "bonbon" izay nalaza be tao ho ao, nisy ve sa tsia iny zavatra iny? Raha nisy, nahoana no tsy nesorina ny Minisitra tomponandraikitra tamin'izany? Iza no nanao ny tolobidy?

Momba ny tsy fandriampahalemana kosa, tsapa fa niakatra ny tahan'izany nandritra ny fisian'izao valan'aretina izao. Inona no fepetra raisinareo manoloana izany?

Fisaorana ny rehetra tamin'ny faharetana nihaino azy no namaranany ny teniny.

Nisaotra azy koa Ramatoa Filoha no sady nanome fitenenana ny solotenan'ny GPR.

Andriamatoa RAKOTOMAMONJY Neypatraiky André, no nitondra ny tenin'ny GPR.

Fisaorana ny mpikambana ao amin'ny Governemanta izay tarihan'Andriamatoa Praiminisitra no nanombohany ny teniny tamin'ny fandravonana ny asa nataon'izy ireo tamin'ny taon-dasa sy ny zava-bita tamin'ity taona ity.

Nambarany fa nisy ny nahafapo ka miandry ny hanatanterahana izany ny vahoaka.

Ankasitrahan'ny GPR ny lahateny nataon'ny Filohampirenena satria araka ny voalazany, tsy hisy Distrika hatao zanak'ikalaha izany eto amintsika. Vola 1 Miliara Ariary no andrasana isaky ny Distrika mba hanaovana fotodrafitrasa; koa miandry an'izany koa ny Distrika tsirairay. Ampitao any amin'ny Filohampirenena, fa mankasitraka ny asa ataony ny GPR.

Mitodika amin'ny mpitantana ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana izao, andrasany ny hampidinana ny tahan'ny tsy fandriampahalemana satria mijaly noho ny asan-dahalo ny mponina. Mila ampidinina koa ny vidin'entana satria tsy takatry ny daholobe izany, tahaka izay koa ny vidin'ny solika, indrindra ireo zavatra ilain'ny olona amin'ny fiainana andavan'andro na ny PPN.

Manolo-tànana amin'ny fametrahana ny fitoniana eto amin'ny firenena ihany koa ny GPR, araka ny nambarany. Mandala ny demokrasia izahay, hoy izy ary nasehon'ny GPR tamin'ny fifidianana ny Filohan'ny Antenimierampirenena izany, raha tsiahivina eto.

Teo ampamaranana ny teniny, fankasitrahana ny namany ao amin'ny GPR, ny GPTIM sy ny GPIRD ary ny Solombavambahoaka tsy miankina ny tenany.

Mankatolina ny fandravonana nataon'Andriamatoa Praiminisitra sady nanome toky ny Filohan'ny Antenimierampirenena amin'ny fandalana ny demokrasia ary nirary soa ho an'ny rehetra hahatratra ny fetin'ny faha-60 taona niverenan'ny fahaleovantena no teny nataony farany.

Nisaotra azy tamin'ny teny nambarany, Ramatoa Filoha, sady nirary soa ho an'ny rehetra koa amin'ny hahatratrarana ny fetim-pirenena izay ho avy afaka fotoana fohy.

Rehefa izany, nomeny ny solotenan'ny Vondrona Parlemantera IRD ny fitenenana manoloana ny fandravonana ny tatitra natao teo.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, no nisolotena ny Vondrona Parlemantera IRD. Nohamafisiny fa manohana ny Filohampirenena ny Vondrona Parlemantera IRD amin'ny asa fampandrosoana ny firenena.

Tahaka izay koa, mankahery ny Praiminisitra amin'ny fanatanterahany ny politikan'ny Filohampirenena amin'ny fametrahana ny fanaraham-penitra momba ireo fotodrafitrasa hatsangana, toy ny sekoly, ny hopitaly, ny tsena ary mikasika ireo zavatra ampiasain'ny vahoaka amin'ny fiainana andavan'andro.

Raha momba ny Rovany'i Manjakamiadana izay nahenoana resabe tao ho ao, nambarany fa laharam-pahamehana ny fanavaozana izany, ka aleo tohizana hatrany ny asa efa natao.

Mikasika ny valan'aretina "covid-19" indray, nambarany fa handresy an'io valan'aretina io ny firenentsika, fa tsy tokony haneho fahakiviana. Mandeha ny ady atao, mino isika fa ho resy io valan'aretina io atsy ho atsy.

Fisaorana an'Andriamatoa Praiminisitra tamin'ny fandravonana ny tatitra nataony teto anoloan'ny Antenimierampirenena sy fankatelemana ny Solombavambahoaka rehetra tamin'izao fihaonana izao ary fankasitrahana an-dRamatoa Filoha tamin'ny fanomezana azy ny fitenenana tamin'izao fifanatrehana izao no namaranany ny teniny.

Taorian'izay, nisaotra ny Solombavambahoaka mpitondra teny rehetra, Ramatoa Filoha ary nomeny avy hatrany an'Andriamatoa Praiminisitra ny fitenenana, raha misy tiany hambara manoloana ireo teny nataon'ny Solombavambahoaka teo.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta; fisaorana ireo mpitondra teny rehetra no nataony mialoha.

Nisaorany koa ny mpikambana ao amin'ny Governemanta satria tsy nandry andro, tsy nandry alina tamin'ny fanatontosana ireo tatitra rehetra natao teto anatrehan'ny Antenimierampirenena. Izany hoe, nisy ny fanajana ny soatoavina Malagasy teo amin'ny Mpanatanteraka sy ny Mpanao Lalàna tamin'izao fihaonana izao. Mendrika avoitra izay satria tsapa nandritra ny fandalovan'ireo Minisitry teto izany.

Nomarihany koa, fa tsy nijerena loko politika ny zavatra natao teto amin'ny Antenimierampirenena, fa samy afaka naneho ny heviny tamin-kahalalahana ny Solombavambahoaka rehetra tao anatin'ny tatitra nataon'ny Minisitry. Fisaorana ny rehetra tamin'ny fijerena ny tombotsoa ambonin'ny firenena satria soa ho an'ny vahoaka no nanaovana ireny fanamarihana sy tsikera ireny.

Raha nanao lahateny ny Filohampirenena dia nanambara fa tsy hisy Distrika hatao latsaka ambany miohatra amin'ny hafa, fa hatao mitovy daholo ny Distrika rehetra. Nomarihany, fa tena lalan-tsaina tsara izany ka ny hanatontosana azy no kendrena.

Teo ampamaranana ny teniny, nisaorany ny Vondrona Parlemantera IRD tamin'ny fankaherezana nataony satria fandraisana andraikitra goavana no miandry amin'izao fotoana izao ary tokony hisy ny fiaraha-miasa akaiky manoloana ny zava-misy.

Mifameno ny rehetra amin'ny fandraisana andraikitra sady efa miandrindra fampandrosoana avokoa ny Distrika rehetra amin'izao fotoana izao.

Fankasitrahana ny Vondrona Parlemantera TIM koa no natolony tamin'ny fandraisam-pitenenana teo satria fampanandroana no tanjona na misy aza ny tsy fitovian-kevitra ara-politika. Fisaorana no natolony amin'ny fandraisana andraikitra ataon'ny rehetra eto amin'ny firenena. Torak'izany, fankatelemana ny Solombavambahoaka "non affiliés" tamin'ireo resaka nentiny teto androany.

Ny GPR kosa nitondra an'iny fanamarihana nataony iny, koa fisaorana no nomeny azy ireo tamin'izay fanehoan-kevitra izay.

Teo ampamaranana ny teniny, fisaorana an-dRamatoa Filoha, no nataon'Andriamatoa Praiminisitra tamin'ny fandaminana ny fomba fiasa niseho teto sy tamin'ny fitarihany ny fivoriana.

Fisaorana no nasetrin-dRamatoa Filoha ny teny famaranana nataon'Andriamatoa Praiminisitra teo ary fankasitrahana ny Solombavambahoaka rehetra nanatrika izao fihaonana izao koa.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka ny tenany; koa amin'ny Talata 16 Jona 2020, amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra naroson'Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena. Amin'ny 3 ora, tolak'andro, fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-dalàna natolotr'Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena ihany koa.

Niato tamin'ny 6 ora sy 50 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona